


## NY RENIFAMENO

| Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho :<br>- anjara asa RF<br>- karazany<br>- fiovan'ny endriky ny EM rehefa avadika L ny RF | Ary manana **ireto fahaiza-manao ireto** :<br>- mandrasa fehezanteny<br>- mamadika ny RF ho L |
|---|---|

**Aorian'ny lesona dia afaka** mamadika ny RF ho L aho.

## SAHANASA 1 : MAMPITENY NY SARY AHO



- mijery sary aho
- mamorona fehezanteny maromaro avy amin'ny sary aho :
- **manao inona ireo olona ireo ? atao inona ny entana ? ho aiza ilay mpiasa ? manondro amin'ny firy ny famantaranandro ?**

## SAHANASA 2 : MITENY AHO / MANORATRA AHO

**Fandrasana ny fehezanteny**

- adikako eny amin'ny solaitrabe ireo fehezanteny hita
- apetrako ny anjara asa fototra ao amin' ny fehezanteny tsirairay
- apetrako ny anjara asa fameno

**Ny toetran'ny F**

- aiza ny toerany ao anaty fehezanteny ? - mameno ny EM sa mameno ny L ?
- azo avadika ho L ve io fameno io, izany hoe atao L izy ka ny EM tao amin'ny fehezanteny nisy azy ihany no ampiasaina ?
- inona no fiovana teo amin'ny endriky ny EM ?

FEPETRA takian'ny F avadika ho L - lasa hoe Renifameno no anaran'ilay F rehefa mety natao L

**Ny karazana fameno**

- misy karazana firy ny renifameno ? misy karazana 2 izay miankina amin'ny EM-inona no fepetra takian'ireo F ireo ?
- raisiko anaty kahie ny lesona

## SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

**Sombin-dahatsoratra iasana**

Tonga ny fahavaratra. Mihira ny maraina ny voronkely isan-karazany. Mamaky lohasola ny masoandro. Manao akanjo maivana ny zaza amam-behivavy. Miandry orana ny olon-drehetra.

- tsimponiko izay fameno mipetraka eo akaikin'ny EM, dia avadiko ho L
- raisiko tsirairay ny fehezanteny- ataoko ny fandrasana
- jereko raha misy renifameno dia ampiasaiko ho L



## SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE ?

- ampiasaiko ho RF ireto teny manaraka ireto ao anaty fehezanteny : fifanajana, lesona, fahendrena, soatoavina, valim-babena
- avadiko ho L amin'izay ireo RF ireo

IREO NAMOLAVOLA
*VOLA Colette CEG Antanifotsy, RAZAFINDRAMANANA Samprido CEG Manakatafana,*
*RAJAONA James Eric CEG Soanierana Ivongo (CISCO Soanierana Ivongo)*






IREO NAMOLAVOLA
VOLA Colette CEG Antanifotsy, RAZAFINDRAMANANA Samprido CEG Manakatafana,
RAJAONA James Eric CEG Soanierana Ivongo (CISCO Soanierana Ivongo)